GSDM
Professionnels de l'Agro-écologie

TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

NY TSIPIKA MIRA AHABO
(courbe de niveau)

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT
Protection et Réhabilitation des Sols pour la sécurité alimentaire (ProSol)
Mise en oeuvre par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

FAMARITANA

Tsipika mahitsy na miendrika faribolana, apetraka mifanohitra amin'ny fandrin'ny tany mba hiarovana amin'ny fikaohan'ny riaka ny tany.

TOMBONTSOA:

- Miaro amin'ny fikahoan'ny riaka ny nofon-tany ;
- Mampitombo ny fitsiahan'ny rano any anaty tany ;
- Mampitombo ny velaran-tany azo volena ;
- Mampitombo ny vokatra.

FITAOVANA AMPIASAINA

Maro ny fitaovana andrefesana ny tsipika mira ahabo (cadre A, niveau à bulle, niveau colier) fa ny cadre A no tsotra indrindra.

NY CADRE A

Fitaovana entina hanajariana toerana iray mba hahatomombana tsara ny fandrefesana ny tsipika mira ahabo. Mora amboarina sy mora ampiasaina ny cadre A ary hita eny an-toerana ny akora rehetra ilaina.

NY AKORA ILAINA SY FANAMBORANA AZY

- Hazo fisaka miisa 3 : ny 2 mirefy 2m / ny 1 mirefy 1m
- Fil sy plomb , bilao miisa 3, ary tsatoka maromaro





FANDREFESANA NY TSIPIKA MIRA AHABO

1. Atomboka eo amin'ny firaikan'ny tany ambany indrindra (1-1.5 m miala amin'ny haavo ambany indrindra) ;
2. Manatrika ny firaikan'ny tany, apetraka mitsangana ny cadre A, marihina amin'ny tsatoka ny toerana hitsanganan'ny tongotra ilan'ny cadre A ;
3. Ahodina ny cadre A mandrapahazo 90° eo amin'ny marika (fil plomb mahitsy tsara eo afovoan' ny tsivalan-kazo 1m), apetraka ny tsatoka faharoa, dia toy izay hatrany hatrany. Averimberina ary asiana tsatoka hatrany mandrampahavitany ;
4. Miakatra eo amin'ny 1 m ka hatramin'ny 1m50 raha handray ny tsipika faha 2 ;
5. Tohizana foana mandram-pahatonga eny amin'ny tampon'ny havoana ;
6. Azo ahitsy ny endriky ny tsipika raha toa ka mivilambilana loatra.

TOROMARIKA LEHIBE

- Raha voly taona no atao : raha latsaky ny 5% ny fandrin'ny tany dia volena tsotra manaraka ny tsipika mira ahabo ny voly, raha mihoatra ny 5% , tokony atao ny fanajariana "Kipaha" (culture en escalier) ;
- Raha voly maharitra no atao (kafe, jirofo, voasary sns) dia tokony hanaraka tsara ny faritra nofaritan'ny tsipika mira ahabo ny lavaka fa hajaina kosa ny elanelany. Ohatra: kafe (3m*3m), voasary (4m*5m) ;
- Raha latsaky ny 12% ny fandrin'ny tany : azo atao ny voly rehetra ;
- Raha mihoatra ny 12% ny fandrin'ny tany : ny hazo maniry mandavataona ihany no azo atao raha tsy nisy fanajariana manokana (culture pérènne) ;
- Tokony rakofana mandavataona ny tany na mampiasa ny tsipika mira ahabo aza hiarovana sy hanatsarana ny nofontany. Misy karazam-boly afaka mandrakotra haingana ny tany amin'ny fiandohan'ny orana toy ny niébé, ny